

FANOMEZAN-DALANA MANOKANA HIVEZIVEZY

Araka ny didim-panjakana nivoaka ny 23 martsa 2020, andininy faha 3 mikasika ny fepetra raisina hamerana ny fiparitahan'ny valan'aretina CODIV-19 ao anatin'ny vonjy taitra ho amin'ny fahasalamam-bahoaka

Izaho, voalaza anarana etsy ambany,

Rtoa / Atoa :

Teraka tamin'ny :

Zanak'i :

Monina ao :

dia manamarina fa ny fivezivezoko dia noho ny antony (voamarika) eo ambany, izay tsy manohitra ny andininy faha 3 amin'ny didim-panjakana nivoaka tamin'ny 23 martsa 2020 mikasika ny fepetra raisina hamerana ny fiparitahan'ny valan'aretina CODIV-19 ao anatin'ny vonjy taitra ho amin'ny fahasalamam-bahoaka¹ :

Fivezivezena avy any an-trano makany amin'ny toeram-piasana, ho fanatanterahana asa izay tsy maintsy atao kanefa tsy azo atao ivelan'ny toeram-piasana na fivezivezena mifandraika amin'ny asa izay tsy azo angatahana andro².

Fividianana fitaovana ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa³ any amin'ny toerana nahazo alalana hanoy ny asany (ao amin'ny gouvernement.fr no ahitana ny lisitr'ireo toerana ireo).

Fitsaboana na fikarakarana izay tsy vita raha tsy atao mivantana ary tsy azo angatahana andro ; fitsaboana na fikarakarana marary manana aretina mitaiza.

Fivezivezena noho ny antony ara-pianakaviana, fanampiana olona tsy salama na zaza.

Fivezivezena tsy mihoatran'ny ora iray ary ao anatin'ny iray kilometatra miala amin'ny trano fonenana, izay mifandraika amin'ny fitazaim-batan'ilay olona. Tsy ao anatin'izany ny fanaovana fanatanjahan-tena miaraka na manodidina ny olona hafa fa miaraka amin'ny olona ao an-trano na miaraka amin'ny biby fitaiza an-trano.

Fiantsoana any amin'ny tribonaly na ara-panjakana.

Asa mitondra soa ho an'ny rehetra araka ny fangatahan'ny manam-pahefana.

Natao sonia teto :

Tamin'ny : amin'ny ora
(Tsy maintsy marihina ny daty sy ny ora hiatombohan'ny fivezivezena)

Sonia :

¹**Ny olona mahazo ireto fahazon-dalana manokana ireto, arakaraky ny tranga, dia mila mitondra ny taratasy fanamarinana fa mifanaraka amin'ireto tranga manokana ireto ny fivezivezeny, mahatonga azy hivoaka ny trano.**

²**Natao ho an'ny olona miasa tena tsy afaka mahazo taratasy avy amin'ny toeram-piasana.**

³**Ao anatin'ny ny fakana entana maimaim-poana (fanaterana sakafo, sns) sy ny fivezivezena mifandraika amin'ny fakana tombontsoa ara-tsosialy sy ny fakana vola.**